

PERIKOPA ALAHADY 14 Jolay 2024
(Péricope du Dimanche 14 Juillet 2024)

Salamo / Psaume 145
Amosa / Amos 7 : 12 - 15
Efesiana / Ephésiens 1 : 3 - 14
Marka / Marc 6 : 7 – 13

« Dia lasa nandeha izy ireo ka nitory fa tokony hibebaka ny olona. »
(Marka 6.12)

« *Ils partirent et prêchèrent en appelant chacun à changer d'attitude.* »
(Marc 6.12)

SALAMO 145 (MRV)

Maharitra mandrakizay ny fanjakanao

- 1 Hanandratra Anao aho, ry Andriamanitro Mpanjaka ô, ary hankalaza ny anaranao mandrakizay doria.
- 2 Hankalaza Anao isanandro aho ary hidera ny anaranao mandrakizay doria.
- 3 Lehibe NY TOMPO ka mendrika hoderaina indrindra; tsy takatry ny saina ny fahalehibiazany.
- 4 Ny taranaka rehetra dia samy hidera ny asanao amin'izay mandimby azy sy hanambara ny asanao lehibe.
- 5 Ny lazan'ny voninahitry ny fiandriananao sy ny asanao mahagaga no hosaintsainiko.
- 6 Ny herin'ny asanao mahatahotra no hotenenin'ny olona ary ny fahalehibiazanao no hotantaraiko.
- 7 Hanonona ny fahatsiarovana ny haben'ny fahatsaranao izy ary hihoby ny fahamarinanao.
- 8 Mamindra fo sy miantra NY TOMPO, mahari-po sady be famindrampo Izy.
- 9 Manisy soa ny rehetra NY TOMPO ary ny fiantrany dia eny amin'ny asany rehetra.
- 10 TOMPO ô, midera Anao ny asanao rehetra ary misaotra Anao ny olona masina.
- 11 Milaza ny voninahitry ny fanjakanao izy sady miresaka ny herinao
- 12 mba hampahafantarana ny zanak'olombelona ny herinao sy ny haben'ny voninahitry ny fanjakanao.
- 13 Fanjakana mandrakizay ny fanjakanao ary hihatra amin'ny taranaka fara aman-dimby ny fahefanao.
- 14 NY TOMPO manohana izay rehetra lavo ary mampitraka izay rehetra mitanondrika.
- 15 Ny mason'izao rehetra izao miandrindra Anao ary manome azy ny haniny amin'ny fotoanany lanao.
- 16 Manokatra ny tananao lanao ka mahavoky soa ny zavamananaina rehetra.
- 17 Marina NY TOMPO amin'ny lalany rehetra, sady mamindra fo amin'ny asany rehetra.
- 18 NY TOMPO dia eo akaikin'izay rehetra miantso Azy, dia izay rehetra miantso Azy marina tokoa.
- 19 Hanefa ny fanirian'izay matahotra Azy Izy ary hihaino ny fitarainany ka hamonjy azy.
- 20 Miaro izay rehetra tia Azy NY TOMPO, fa ny ratsy fanahy rehetra kosa dia haringany.
- 21 Ny fiderana NY TOMPO no hotenenin'ny vavako; ary aoka hankalaza ny anarany masina mandrakizay doria ny nofo rehetra.

PSAUME 145 (S21)

Hymne à la puissance et à la bonté de Dieu

- 1 *Je proclamerai ta grandeur, mon Dieu, mon roi, et je bénirai ton nom pour toujours et à perpétuité.*
- 2 *Chaque jour je te bénirai, et je célébrerai ton nom pour toujours et à perpétuité.*
- 3 *L'Éternel est grand et digne de recevoir toute louange, sa grandeur est insondable.*
- 4 *Que chaque génération célèbre tes œuvres et proclame ton extraordinaire façon d'agir !*
- 5 *Je dirai la splendeur glorieuse de ta majesté, je chanterai tes merveilles.*
- 6 *On parlera de ta puissance redoutable et je raconterai ta grandeur.*
- 7 *On proclamera le souvenir de ton immense bonté, on célébrera ta justice.*
- 8 *L'Éternel fait grâce, il est rempli de compassion, il est lent à la colère et plein de bonté.*
- 9 *L'Éternel est bon envers tous, sa compassion s'étend à toutes ses œuvres.*
- 10 *Toutes tes œuvres te loueront, Éternel, et tes fidèles te béniront ;*

11 *ils diront la gloire de ton règne, ils proclameront ta puissance,*
12 *pour faire connaître aux hommes ta puissance et la splendeur glorieuse de ton règne.*
13 *Ton règne est un règne éternel, et ta domination subsiste dans toutes les générations.*
14 *L'Éternel soutient tous ceux qui tombent, il redresse tous ceux qui sont courbés.*
15 *Tous regardent avec espoir vers toi, et tu leur donnes la nourriture au moment voulu.*
16 *Tu ouvres ta main et tu combles de biens tout ce qui vit.*
17 *L'Éternel est juste dans toutes ses voies et bon dans toutes ses œuvres.*
18 *L'Éternel est près de tous ceux qui font appel à lui, de tous ceux qui font appel à lui avec sincérité.*
19 *Il accomplit les désirs de ceux qui le craignent, il entend leur cri et les sauve.*
20 *L'Éternel garde tous ceux qui l'aiment, mais il détruira tous les méchants.*
21 *Que ma bouche dise la louange de l'Éternel et que toute créature bénisse son saint nom, pour toujours et à perpétuité !*

AMOS 7 : 12 - 15 (MRV)

12 Ary hoy i Amazia tamin'i Amosa: Ry mpahita! Andeha mandositra mankany amin'ny tanin'ny Joda ianao ; any ianao no hihinan-kanina ary any ianao no haminany.
13 Aza maminany eto Betela intsony fa fitoerana masin'ny mpanjaka sy tranom-panjakana ity.
14 Dia namaly an'i Amazia i Amosa hoe : Tsy mba mpaminany aho na zanaky ny mpaminany; mpiandry ondry sy mpikarakara aviavy aho.
15 Nefa nalain'NY TOMPO tany am-piandrasana ondry aho ka nitenenany hoe : Mandehana ka maminania amin'ny Israely oloko.

AMOS 7 : 12 - 15 (S21)

12 *Et Amatsia dit à Amos : « Visionnaire, va-t'en, fuis dans le pays de Juda, manges-y ton pain, et là tu prophétiseras.*
13 *Mais ne continue pas à prophétiser à Béthel, car c'est un sanctuaire du roi, c'est une maison royale. »*
14 *Amos répondit à Amatsia : « Je ne suis pas prophète, ni fils de prophète, mais je suis berger et je cultive des sycomores.*
15 *L'Éternel m'a pris derrière le troupeau et c'est lui qui m'a dit : 'Va prophétiser à mon peuple, Israël!'*

EFESIANA 1 : 3 - 14 (MRV)

Fitahiana feno ao amin'i Kristy

3 Isaorana anie Andriamanitra, Rain'i Jesosy Kristy Tompontosika, izay nitahy antsika tao amin'i Kristy amin'ny fitahiam-panahy rehetra any an-danitra,
4 araka ny nifidianany antsika tao Aminy, fony tsy mbola ary ny fanorenan'izao tontolo izao, mba ho masina sady tsy misy tsiny eo anatrehany isika
5 rehefa notendreny rahateo tamin'ny fitiavana mba ho Azy amin'ny fananganana anaka, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitraham'ny fony,
6 mba ho fiderana ny voninahitry ny fahasoavany izay nanasoavany antsika maimaimpoana tao amin'ny Malalany.
7 Ao Aminy no ananantsika fanavotana tamin'ny alalan'ny rany, dia ny famelana ny fahadisoantsika, araka ny harenan'ny fahasoavany
8 izay nataony be dia be ho antsika tamin'ny fahendrena sy ny fisainana rehetra :
9 Nampahafantariny antsika ny zavamiafina ny amin'ny sitrapony, araka ny safidiny izay nokasain'ny tenany,
10 mba hanatanterahany izany rehefa tonga ny fotoana voatendry, ka hanangonany indray ny zavatra rehetra, na ny any an-danitra na ny etỳ an-tany ho ambanin'ny mpitondra tokana dia Kristy.
11 Tao Aminy koa no nandraisantsika ny anjara lovantsika, dia isika izay notendrena mialoha araka ny fikasan'izay mahefa ny zavatra rehetra, araka izay sitraky ny fony,
12 mba ho fiderana ny voninahiny isika izay manana fanantenana ao amin'i Kristy.
13 Ao Aminy koa ianareo, rehefa renareo ny tenin'ny fahamarinana, dia ny Filazantsara izay mamonjy anareo. Eny, ao Aminy koa ianareo, rehefa nino ka nasiana toambo-kase tamin'ny Fanahy Masina, araka ny teny fikasana.

14 Izany Fanahy izany no santatry ny lovantsika ho amin'ny fanavotana ny olona izay nalainy ho an'ny tenany, mba ho fiderana ny voninahiny.

EPHÉSIENS 1 : 3 - 14 (S21)

Les merveilles bénédictiones du salut en Christ

3 Béni soit le Dieu et Père de notre Seigneur Jésus-Christ, qui nous a bénis de toute bénédiction spirituelle dans les lieux célestes en Christ !

4 En lui, Dieu nous a choisis avant la création du monde pour que nous soyons saints et sans défaut devant lui. Dans son amour,

5 il nous a prédestinés à être ses enfants adoptifs par Jésus-Christ. C'est ce qu'il a voulu, dans sa bienveillance,

6 pour que nous célébrions la gloire de sa grâce, dont il nous a comblés dans le bien-aimé.

7 En lui, par son sang, nous sommes rachetés, pardonnés de nos fautes, conformément à la richesse de sa grâce.

8 Dieu nous l'a accordée avec abondance, en toute sagesse et intelligence.

9 Il nous a fait connaître le mystère de sa volonté, conformément au projet bienveillant qu'il avait formé en Christ

10 pour le mettre à exécution lorsque le moment serait vraiment venu, à savoir de tout réunir sous l'autorité du Messie, aussi bien ce qui est dans le ciel que ce qui est sur la terre.

11 En lui nous avons été désignés comme héritiers, ayant été prédestinés suivant le plan de celui qui met tout en œuvre conformément aux décisions de sa volonté

12 pour servir à célébrer sa gloire, nous qui avons par avance espéré dans le Messie.

13 En lui vous aussi, après avoir entendu la parole de la vérité, l'Evangile qui vous sauve, en lui vous avez cru et vous avez été marqués de l'empreinte du Saint-Esprit qui avait été promis.

14 Il est le gage de notre héritage en attendant la libération de ceux que Dieu s'est acquis pour célébrer sa gloire.

MARKA 6 : 7 – 13 (MRV)

Ny nanirahan'i Jesosy ny roa amby folo lahy

7 Ary niantso ny roa amby folo lahy hankeo Aminy Izy ka naniraka azy tsiroaroa sy nanome azy fahefana amin'ny fanahy maloto.

8 Ary nandrara azy Izy mba tsy hitondra zavatra ho any amin'ny halehany, na mofo, na kitapo, na vola ao anatin'ny fehibony, afa-tsy tehina ihany.

9 Nefa asio kapa ny tongotrareo ary aza mitondra akanjo roa, hoy Izy.

10 Hoy koa Izy taminy: Izay trano idiranareo dia mitoera ao mandra-pialanareo any.

11 Ary izay tanàna tsy mampandroso anareo na tsy mihaino anareo, rehefa miala tao ianareo, dia ahintsano ny vovoka ao am-paladianareo ho vavolombelona aminy.

12 Dia lasa nandeha izy ireo ka nitory fa tokony hibebaka ny olona.

13 Ary demonia maro no noroahiny; ary nohosorany diloilo ny marary maro ka nositraniny.

MARC 6 : 7 – 13 (S21)

7 Alors il appela les douze et commença à les envoyer deux à deux, et il leur donna autorité sur les esprits impurs.

8 Il leur recommanda de ne rien prendre pour le voyage, sauf un bâton, de n'avoir ni pain, ni sac, ni argent dans la ceinture,

9 de chausser des sandales et de ne pas mettre deux chemises.

10 Puis il leur dit : « Si quelque part vous entrez dans une maison, restez-y jusqu'à votre départ.

11 Et si, dans une ville, les gens ne vous accueillent pas et ne vous écoutent pas, retirez-vous de là et secouez la poussière de vos pieds en témoignage contre eux. [Je vous le dis en vérité, le jour du jugement, Sodome et Gomorre seront traitées moins sévèrement que cette ville-là.] »

12 Ils partirent et prêchèrent en appelant chacun à changer d'attitude.

13 Ils chassaient beaucoup de démons, appliquaient de l'huile à beaucoup de malades et les guérissaient.